## « MARATHON INTERNATIONAL DE TANA »

# Hahazo 1.500.000 Ar izay voalohany

***Hiavaka ny «Marathon international de Tana» amin'ity. Hiara-dalana amin'ny fifaninanana mantsy ny fanentanana amin'ny fiarovana sy fikajiana ny tontolo iainana ary ny fizahantany.***

Hotontosaina, ny alahady 16 oktobra ho avy izao, ny andiany faha-16 amin'ny *"Marathon international de Tana"*. Hangotraka ny fihaonana satria homen'ny World Trade Center sy ny Vima Madagacar lelavola 1.500.000 Ar ny voalohany eo amin'ny sokajy lehilahy sy vehivavy.

Hanana solontena amin'ity andiany ity i La Réunion sy Maorisy ary Seychelles, izay efa nanamafy ny fandraisany anjara. Anisan'ireo mbola nilaza ny fahavononany, hifaninanana ilay Renioney, François Lebon, nandresy tamin'ny andiany faha-15. Raha tsiahivina, tao anatin'ny fe-potoana 2 ora 29 mn 02 s ny nahavitany ny halavirana 42,195 km. Tsy maintsy hanalavela amin'ity, i Jean de la Croix sy Andriamparany Hajanirina, tompondakan'i Madagasikara. Homena 1.000.000 Ar kosa ny faharoa ary 700.000 Ar ny fahatelo.



*Nampanantena hetsika mahafinaritra ireo mpikarakara. (Sary Tiana)*

Hisy koa ny *"handirun"* ka hotolorana 500.000 Ar izay mpandresy, amin'izy ireo. Ankoatra izay, eo koa ny *"foulées 10 km"*.

Tsy hadinon'ny mpikarakara ny an'ny daholobe, izay te hanandrana hihazakazaka fotsiny, ka hanao ny antsoina hoe : *"maratoon's"*, mirefy 1, 500 km.

Mialoha ity *"Marathon international de Tana"* ity, hisy ny fanehoana ny andro maitso, atao eo an-tokotanin'ny lapan'ny Tanàna, ny asabotsy 15 oktobra. Fotoana hanehoana ny fikajiana ny tontolo iainana.

Ny 20 %-n'ny saran'ny fisoratana anarana, homena ny fikambanana Akamasoa, amin'ny asa fanasoavana ataony, ho an'ny mpiarabelona. Manohana ity *"Marathon international de Tana"* ity ny kaominina Antananarivo sy ny federasiona malagasin'ny atletisma ary ny minisiteran'ny Tanora sy ny fanatanjahantena.

Eo amin'ny lapan'ny Tanàna ny fiaingana sy ny fahatongavana.

**Tompondaka**